# Mpiandry raharaha

**PHARMACIES DE GARDE 2105/2022 hatramin'ny 28/05/2022**

**- ANDRAVOAHANGY** (Andravoahangy près Epi d'or) 020 22 245 12/034 30 245 45

**- MIARO** (Galerie Aro Ampefiloha) 020 22 621 18 / 032 05 224 32

**- OCEAN INDIEN** (Analakely avenue de l'indépendance) 034 05 224 70 / 032 11 224 70 / 033 05 224 70

**- METROPOLE** (Antaninarenina) 020 22 200 25/020 22 675 22/033 15 200 25/032 07 101 71

**- GISELE** (Ambodivonikely Anosivavaka Ambohimanarina) 020 23 617 59/034 10 302 42

HJRA (urgences) :
033 11 890 58 /
22 279 79

HOMI Soavinandriana :
22 397 51

Hopitaly Befelatanana :
22 223 84 / 22 6 N72 21

Hopitaly
Loterana Ambohibao :
22 441 88 /22 485 17

Clinique des Soeurs
Ankadifotsy :22 235 54

Ambulances municipales :
22 200 40
Jirama:
Telma : (22)3547 (n° vert) /
Airtel :03 35 47 /
Orange :032 32 3547

Pompiers :
Tél : 118/ 22 250 18/
22 225 66

Police :
Hôtel Central de Police :
17 / 22 227 35 /22 357 09

1° Arrondissement
Tsaralalàna : 22 280 54
2°Ambanidia : 22 309 46
3°Antaninandro : 22 291 30
4°Isotry : 22 280 51
5°Mahamasina :22 280 48
6°Ambohimanarina :
22 225 52
7°67 Ha : 22 291 29
8°Analamahitsy : 22 493 25
Brigade criminelle :
22 216 78 /22 210 29 /
22 674 83 na 84

GIR : 22 227 35

**Gazetim-baovao miseho intelo isan-kerinandro**
**Vidiny: 300 Ar**
**Adiresy: lot T 70 Ankadindratombo**

**TALEN'NY FAMOAHANA :**
Rahelisoa A.
034 79 07600

**MPANAO GAZETY**

**Politika:**
Isambilo: 033 24 783 65
Rajo: 033 80 022 53
Andry Tsiavalona 032 07 744 55

**Toe-karena :**
Aly : 033 18 382 88

**Kolontsaina:**
Aris: 034 17 460 53
Beharo : 032 02 557 89

**Fanatanjahantena:**
Lita: 033 41 557 69

**Mailaka:**
gvalosoa@yahoo.com
**NATONTAN'NY**
**Imprimerie de la RN7**

Fametrahana 1300-05-2022
Isan'ny natonta: 10 000


Tsy azo adika, na alain-tahaka, na antsaina ampahibemaso raha tsy ahazoana alalana vita soratanana avy amin'ny tompony

ANJEVA GARA AVARADRANO

# Tafakatra 68% ny fampidiran-ketra raha 24% teo aloha

Hanohy ny fanatsarana ny fampidiran-ketra ny ao amin'ny kaominina Anjeva Gara distrikan'Antananarivo Avaradrano, amin'ity taona 2022 ity, hoy ny ben'ny tanàna Raoeliarison Haja. Nisy fitomboany be izay fampidiran-ketra izay tao amin'ny fiadidiana ity tanàna ity, satria 24% izany tany aloha, tafakatra 68% amin'izao fotoana. Ny antony mahatonga izany hoy izy, mavitrika manatanteraka ny adidiny ny mponina, misy ihany koa ny fiaraha-miasan'ny kaominina amin'ny tetikasa iarahana amin'ny alemà, amin'ny alalan'ny GIZ ny amin'ny paikady ho amin'ny fampitomboana izay fampidiran-ketra izay. Na mitombo aza anefa ny fampidiran-ketra, mbola ambany ihany ny vola miditra amin'ny kaominina anaovana fampandehanan-draharaha, sy asa fampandrosoana avy amin'izany, satria mbola ambany ny tahan'ny hetra alaina amin'ny mponina, mbola misy hoy ny ben'ny tanànan'Anjeva Gara ny hetran-trano 2.000 Ar na 5.000 Ar ao amin'ity kaominina iadidiana ity, fa ny zava-dehibe hoy ihany izy dia ny faharisihan'ny mponina manefa izay hetra izay. Ankoatra izany, tetikasa fohy ezaka tanterahan'ny kaominina amin' ity taona ity, ny fampidirana rano fisotro madio amin'ny fokontany miisa 2 any an-toerana, marihina fa ahitana fokontany miisa 10 Anjeva Gara. Ny jiro, fokontany 3 sisa no tsy misy an'izany, ezahan'ny kaominina ny hanomezana azy ireo jiro mandeha amin'ny angôvo avy amin'ny masoandro. Hanamboatra foto-drafitrasa momba ny fanabeazana, sekoly, ihany koa ny kaominina, hoy ny ben'ny tanàna Raoeliarison Haja amin'ity taona ity. Tantsaha ny ankamaroan'ny mponina any Anjeva Gara, manampy ny mpamboly ny kaominina amin' ny alalan'ny fanomezana azy ireo masomboly sy zezika, momba ny masomboly raha manome masomboly 3 kg ny mponina ohatra ny fiadidiana ny tanàna tamin'ity taona ity, honeran'izy ireo avo roa heny izany amin'ny taona manaraka ary toy izay hatrany, mba hampitomboana ny vokatra sy ny masomboly hampiasaina io.

*Aly*



*Ny ben'ny tanànan'Anjeva Gara, Raoeliarison Haja.*

Fiompiana

# Nankalazaina omaly 20 mey ny andro eran-tany ho an'ny tantely

Toy ny fanao isan-taona, nankalazaina omaly 20 mey ny andro eran-tany ho an'ny tantely. Anisan'ny sehapihariana manana ny anjara toerany eto amintsika ny fiompiana tantely ity. Misy karazany maro izy io eto amintsika, ao ny tantely avy amin'ny kininina, ny tantely avy amin'ny letchi, ny tantely avy amin'ny baobab,… Maro ireo hazo sy voninkazo hahafahan'ny tantely hakana maminy izay eto amintsika. Mbola midadasika ny tsenan'ity fiompiana ity, na eto amin'ny tsena anatiny izany, na amin'ny tsena any ivelany. Ny fampiroboroboana hatrany ny fiompiana tantely no anisan'ny natao nandritra ny fankalazana omaly. Ho an'ny eto Madagasikara dia tany Morondava, faritra Menabe no nankalazana izany. Nisy ireo tranoeva nanehoana ny vokatra tantely avy amin'ny fikambanana maro avy tany Belo Tsiribihina, Manja ary Morondava. Raha eo amin'ny lafiny fahasalamana, vokatra tena ilaina ny tantely, na ny fandrama; mila izany isan'andro ny vatan'olombelona.

*Aly*





*Sora-baventy, nilaza ny fanamarihana ny andro eran-tanin'ny tantely omaly 20 mey.*

BEHARO

# Teny tondro (Ny Valosoa Vaovao)

N° 394




**BL** = Bory Loha
**BR =** Bory Rambo
**MIV** = Mivadika
**MIK** = Mikorontana

Misy ny teny Malagasy ofisialy sy ny tenim-paritra

Ohatra : Valy = Vady

## Valiny Teny Tondro (0393)


***Mitsivalana***

- Tononina
- Alamo – AN
- Lo – Fia
- Entiko
- Nao – Ar
- Vilona
- Avotana

***Mitsangana***

- Talenta
- Olona
- Na – Tovo
- Omby – Ti (miv)
- No – Kila
- Fo – On
- Nay – Ana
- Anatra

## TENY MIFANAPAKA N° 394




**Mitsivalana**

**1.** Fiainana andavanandro **2.** Fototenin'ny Fiarovana – Tsofoka **3.** Nisondrotana **4.** Sakafo **5.** Ao moka – Zatovo taona (miv) **6.** Miaraka amin'ny atsy (miv) – Biby (miv) **7.** Toeram-piaingana (miv) **8.** Tampisaka (miv) – Nivavaka, nitalaho **9.** Kianteny – Lakroa **10.** Tsiro (miv) – Atsahatra (miv) – Naoty

**Mitsangana**

**A.** Lakile **B.** Lavitra hita maso – Mpanondro – Gia (miv) **D.** Voninkazo **E.** Faran-teny – Hita ao amin'ny tany sy rano **F.** Maniry te-ahitra – Fanampin'anarana (miv) **G.** Andro mangatsiaka **H.** Mpanao asa soratra **I.** Naka **J.** Ao amin'ny Baiboly – Laoka (miv) **K.** Tsirinteny mivadika – Sady aroso no tohanana

## Valiny Teny mifanaraka 0393

**Mitsivalana**

**1.**Fantsihana **2.** Avia - Ao - An(dro) **3.** Ny - No - Ina **4.** Atelinao **5.** Loharano **6.** Amiraly - Rà **7.** Tanala **8.** Aoriana - Ta **9.** Ravaina (miv) **10.** Ar - Ota (miv) - Sak(a)

**Mitsangana**

**A** Fanalavana **B.** Avy - OM **D.** (Ta)ny - Ahitra **E.** Tantaraina **F.** Tianareo (miv) **G.** Ia - Làlanao **H.** Ho - Valiny (miv) **I.** Ino ? - As **J.** Nana - Tra **K.** Anaovana